

**Sabata voalohany**

## NY MARINA MOMBA AN’ANDRIAMANITRA

« Izao no fotoana iarahantsika mivavaka! » hoy i Dada niantso. “Ento ny Baibolinareo.”

Naka ny Baiboliny avy i Luc sy i Tess ary i Jake, ary rehefa avy nivavaka dia nanontany i Dada hoe: “Fantatrareo ve fa nisy fotoana tsy mba nananan’ny olona Baiboly akory tany an-tranony?”

“Tsy nanam-bola angamba ry zareo nividianana?” hoy i Jake nanontany.

“Ny Baiboly sy ireo boky hafa dia tena lafo vidy tokoa satria mbola nosoratana tamin’ny tanana,” hoy i Neny namaly. “Ary ny Baiboly dia tamin’ny teny Latinina, noho izany maro ny olona tsy afaka namaky izany.”

“Dia ahoana izany no nahalalan’izy ireo an’i Jesôsy?” hoy i Tess nanontany.

“Tao am-piangonana, ny pasitora dia nanambara tamin’izy ireo ny tantara avy ao amin’ny Baiboly.” Hoy i Dada. “Ny olana anefa dia nisy olona nihevitra fa masiaka sy te hampijaly ny olona fotsiny Andriamanitra. Luc, mba vakio kely ange azafady ny Salamo 11:7.

Dia namaky i Luc: *“Fa marina Jehovah, ka fahamarinana no tiany.”*

“Ity andininy ity dia milaza amintsika fa Andriamanitra dia marina mandrakariva. Izy tsy mba mandrisika antsika velively hisaina, na hanao zavatra diso sy tsy marina,” hoy i Dada.

“Tao amin’ny saha Edena, i Satana dia nandainga tamin’i Eva, ary nino azy izy,” hoy i Jake. “Tsy nahatoky izay nolazain’Andriamanitra izy (Eva).”

“Andriamanitra dia te hitoetra miaraka amin’ny namany rehetra eto an-tany,” saingy indrisy raha nitombo ny isan’ny mponina teto an-tany, dia nanomboka nisy ireo olona nanaparitaka ny tenin’i Satana hoe: Andriamanitra dia masiaka sy tsy manam-pitiavana.

“I Martin Luther, tovolahy niaina tany Allemagne, dia nandre izany tantara mahakasika an’Andriamanitra masiaka izany ary azony antoka tokoa fa tezitra taminy Andriamanitra. Koa niezaka niaina fiainana tonga lafatra izy,” hoy i Neny. “Nianatra namaky ny teny Latinina izy ary niofana ho tonga mpahay lalàna. Indray andro, nandritra ny kotrobaratra, dia nivoady i Martin fa hanolo-tena hiasa ho an’ny Tompo. Lasa pasitora izy ary nandinika misimisy kokoa ny Soratra Masina. Tsy nahatonga an’i Martin ho sambatra kokoa anefa izany. Mbola nahatsapa izy fa mila miaina fiainana lavorary. Ary arakaraka ny niezahany mafy no toa vao mainka naha-fadiranovana kokoa azy.”

“Raha nitia an’i Jesôsy i Martin, Naninona izy no tsy faly?” hoy i Tess nanontany.

“Horesahintsika bebe kokoa izany mandritra ny fotoam-pivavahana rahampitso,” hoy i Dada.

### Teny fototra:

*“Izay soratra rehatra nomen’ny tsindrimandrin’Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin’ny fahamarinana.”* (2 Tim. 3:16)

### Asa atao:

Rehefa mieritreritra an’Andriamanitra ianao, inona no sary tonga ao an-tsainao? Manaova sarin’Andriamanitra dia zarao amin’ny ankohonanao.

### Fanontaniana mampieritreritra:

Raha tsy manana Baiboly ianao, ahoana no ahafahanao mitadidy ireo zavatra tian’Andriamanitra ho fantatra mahakasika Azy?

Ny Soratra Masina nosoratan'ny ICB dia notsongaina avy ao amin'ny International Children's Bible, copyright © 1986, 1988, 2008, 2015 avy amin'i Tommy Nelson. Nahazoana alalana. Ny lahatsoratra ho an’ny ankizy dia nosoratan'i Gary Wagner sy Deena Bartel-Wagner vadiny. I Gary dia mpitandrina ao amin'ny Federasionan’i New York. I Deena kosa dia mampiasa ny fanomezam-pahasoavany amin'ny maha-tonian-dahatsoratra azy ao amin'ny Adventist Chaplaincy Ministries ao amin'ny Foibe maneran-tany. Miandrandra fatratra ny fiverenan'ny Mpamonjy, Jesôsy Kristy tsy ho ela izy ireo.





## NY DRAFITRY NY FANAVOTANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Tsy andrin'i Luc izay fotoana hanaovana ny fotoam-pivavahana tao amin'ny fianakaviany. Te handre bebe kokoa momba ny tantaran'i Martin Luther izy.

Tao aorian'ny vavaka nataon'i Tess dia nampahatsiahivin'i Dada fa ny fahotana dia vokatry ny tsy fankatoavana sy ny fanalaviran'ny olona an'Andriamanitra. Nampahatsiahiviny ny fianakaviana ihany koa fa i Satana dia mamela ny olona hihevitra fa Andriamanitra dia masiaka sady tsy manam-pitiavana. Nino izany i Martin Luther, ary niezaka nanao ny zavatra rehetra tamin'ny herin'ny tenany mba hahafahany manana fiainana tonga lafatra.

"Indray andro anefa rehefa namaky ny bokin'ny i Martin, dia nisy fiovana teo amin'ny fiainany." Hoy i Dada.

Andeha hovakiantsika ao amin'ny Rômanina 1:16,17:

*"Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin'Andrimanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, (…) Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'Andrimanitra avy amin'ny finoana sy ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: Ny marina amin'ny finoana no ho velona."*

Nanontany i Luc hoe: "Tsy vaovao mahafaly ve ny tantaran'i Jesôsy sy ny fiainany?"

"Marina izany ka.." hoy i Dada namaly azy.

Hoy i Paoly hoe: " Raha mino ny tantaran'i Jesôsy sy ny nahafatesany ny olona, dia afaka hanavotra azy ireo Andriamanitra."

Hoy indray i Luc: "Tsy tena azoko tsara ny dikan'ny hoe 'manao ny marina.'"

Namaly i Dada: "Midika izany hoe: Olona iray tsy nomelohin'Andriamanitra satria tsy manan-tsiny.

Ny Rômanina 3:10 dia milaza fa *"Tsy misy marina na dia iray akory aza." Andriamanitra irery ihany no manana ny fahamarinana".*

Tonga saina i Martin rehefa avy namaky ny Rômanina toko voalohany, fa manana drafitra hamonjena ny olona ho afaka amin'ny fahotana Andriamanitra. Ny fahafatesan'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana dia anisan'izany drafitra izany. Tokony hanana finoana isika fa tsy maintsy hamonjy antsika Izy.

"Nanomboka nilaza izany tamin'ny olona hafa i Martin" hoy i Neny. " Nataony lisitra izany hevitra izany, ary 95 ny isan'izy ireo. Naraikiny teo amin'ny varavaran'ny fiangonany tany Wittenberg any Allemagne ilay izy avy eo. Tamin'ny alalan'izany hevitra izany no nahafantaran'ny olona fa tian'Andriamanitra raha hatoky ny drafitra nataony ny olona tsirairay."

"Tamin'izay fotoana izay ihany koa dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe Johannes Gutenberg, izay nanasa mpanao gazety izay afaka hamoaka ny Baiboly." Hoy i Dada. "Ary ny sekoly dia nanomboka nandika ny Baiboly ho amin'ny teny anglisy. Rehefa afaka fotoana fohy dia afaka namaky sy nanana Baiboly ho azy manokana ny olona."

Andeha hianatra ny Baiboliko isan'andro aho, hoy i Luc.

### Teny ao amin'ny Baiboly

*"Marina Hianao, Jehovah ô, Ary mahitsy ny fitsipikao." - Salamo 119:137*

### Asa atao

Tadiavo eo amin'ny sarin-tany ny tanànan'i Wittenberg any Allemagne.

Ataovy lisitra ireo antony mahatonga anao hilaza ny momba an'i Jesôsy amin'ny hafa.

### Fampieritreretana

Mihevitra ve ianao fa nila fahasahiana i Martin Luther nametaka ilay lisitry ny heviny teo amin'ny varavaran'ny fiangonana?





## MANDRAY NY TANAN'I KRISTY

Nanokatra ny trano fitehirizana i Luc sy ny ankohonany ary nanomboka namoaka fitaovana maro. Nisy oram-baratra mantsy nandritra ny alina izay nanimba zavatra be dia be. Nanomboka nitsimpona ireo tapa-kazo i Tess sy i Jake. I Luc kosa nirahin'i Neny hanampy ny rainy, izay nametraka tohatra teo akaikin'ny trano. Ity farany izay andeha hanala ireo rantsan-kazo nianjera tao amin'ny tafo.

Ary i Dada niakatra nankany ambonin'ny tafo.

"Dada a! Avo be ny misy anao," hoy i Luc.

Nesorin'i Dada haingana daholo ireo rantsa-kazo teo ambonin'ny tafo dia nankeo amin'ny tohatra izy nijery an'i Luc.

"Ity tohatra Ity dia mampahatsiahy ahy ny resaka nataontsika nandritra ny fotoam-bavaka," hoy i Dada.

"Inona no idiran'ny tohatra amin'ny fahotana sy ny fahitsiana?" hoy i Luc nanontany.

"Mandehana tsenao i Neny, ry i Tess sy i Jake," hoy i Dada namaly.

Raha vao tafaraka izy rehetra, dia nanomboka niteny i Dada, "Nianatra isika fa ny fahotana no efitra mampisaraka antsika amin' Andriamanitra. Ity tohatra ity dia nampisaina ahy ny mikasika an'i Jesôsy, ny fahafatesany, sy ny dikan'izany ho antsika. Raha mbola teny ambonin'ny tafo aho, izaho sy i Luc dia tsy afaka ny nifampikasika akory na niezaka mafy ny hanatsotra ny tananay araka izay tratra aza izahay. Rehefa nanota i Adama sy Eva dia niteraka elanelana teo amin'izy ireo sy Andriamanitra izany."

"Fa Andriamanitra nandefa an'i Jesôsy ho faty noho ny fahotantsika," hoy i Tess. "Tsy izany ve no nanala an'ilay elanelana?"

"Izany indrindra," hoy i Dada. "Lasa mpanelanelana eo amintsika sy Andriamanitra i Jesôsy."

"Neny, hoy i Dada, afaka miakatra eo amin'ny antsasaky ny tohatra ve ianao? Noho ny fiainany tsy nisy ota, ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty, i Jesôsy dia nameno ny elanelana nisy teo amintsika sy Andriamanitra. Ankehitriny, raha atsotrako ny tanako mankany amin'i Neny dia atsotrany ny tanany mankaty amiko, dia afaka mifandray izahay. Luc, anjaranao indray izao, miakara eo amin'ilay zana-tohatra voalohany dia ahinjiro ny tananao mankany amin'i Neny."

Nampiakatra ny tongony moramora teo amin'ilay zana-tohatra voalohany i Luc ary nanatsotra ny tanany ho any amin'i Neny.

"Rehefa manaiky an'i Jesôsy isika, dia manatsotra ny tanantsika ho any Aminy. Amin'ny maha-olona Azy no nandraisany ny tanantsika ary amin'ny maha-Andriamanitra Azy no ifandraisany mivantana amin'ny lanitra." hoy i Dada nanazava. "Jesôsy no mampifandray antsika amin'Andriamanitra."

### Teny ao amin'ny Baiboly:

*"Ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesôsy."* (1 Timoty 2:5)

### Asa atao:

Nanatsotra nampifandray ireo tanany i Luc sy ny ray aman-dreniny mba hanehoana ny fanelanelanana ataon'i Jesôsy ho an'ny olona amin'Andriamanitra. Manaova toy izany ihany koa miaraka amin'ny ankohonanao.

### Fampieritreretina:

Inona no mety hitranga raha toa ka tsy manatsotra ny tanany ho aty amintsika sy any amin'Andriamanitra i Jesôsy?





## MANALA NY LOTO

Niasa teo amin'ny toeram-pambolena sy zaridainan'ny fianankaviana i Luc sy i Tess ary i Jake rehefa niantso azy ireo i Neny. «Misy zavatra tiako aseho anareo », hoy izy.

Maika erỳ i Luc sy i Tess ary i Jake nanasa ny tanany ka niditra tao an-trano.

Nitsangana teo anilan'ny toerana nisy vazy roa nisy voninkazo fotsy i Neny. "Rehefa nametraka ny voninkazo tato anatin'ireto vazy ireto aho dia nahatsiaro ny fotoam-pivavahana nataontsika." Hoy i Neny. "Niresaka momba ny fanamarinana antsika eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahafatesan'i Jesôsy isika. Andeha hasiako loko ny rano ato anatin'ity vazy iray ity. Jereo ny fiovan'ny lokon'ilay rano."

"Lasa mena ilay izy," hoy i Jake.

"Marina izany" hoy i Neny. "Ny rano mena dia manamarika ny Ran'i Jesôsy, ary ny voninkazo fotsy kosa dia maneho ny fiainantsika. Diniho ihany ilay voninkazo dia ho hitanareo hoe inona ny zavatra hitranga. Fantatsika tsara fa rehefa maty i Jesôsy dia nozarainy ho antsika ny Rany.

Nanazava i Neny avy eo: "Ny teny anankiray hafa hilazana ny fahafatesan'i Jesôsy sy ny nizarany ny Rany dia fanasitranana na fanovana. Midika izany fa ny Ran'i Jesôsy dia mamafa ny fahotantsika ary manadio antsika ara-panahy. Talohan'ny nanekentsika an'i Jesôsy sy ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana dia naloto ny fiainantsika; tahaka ny tananareo teo."

"Jereo anie e! Lasa mena ilay voninkazo" hoy i Luc.

" Nifindra tao amin'ilay voninkazo ilay loko mena tao amin'ilay rano" hoy i Neny nanazava.

"Toy izany ihany koa ny fiainantsika rehefa mandray sy manara-dia an'i Jesôsy. Manomboka miova ny fomba fiainantsika sy ny fomba fifandraisantsika amin'ny hafa. Afaka manarona ny ratsy izay tiantsika hatao isika rehefa mangataka fanampiana avy amin'i Jesôsy mba hanao ny marina sy mahitsy."

Hoy i Neny nanampy: "Mikoriana ato anatintsika ny fiainan'i Jesôsy, tahaka ny hikoriana n'ilay loko mena ao amin'ilay voninkazo."

"Tiako i Jesôsy, ary te hiova aho" hoy i Luc.

"Izaho ihany koa" hoy i Tess.

### Teny ao amin'ny Baiboly

*"Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika."* - Isaia 53:5

### Asa atao

Ny ran'i Jesôsy no nanasana sy nanavaozana ny fiainantsika. Manaova hira miaraka amin'ny fianakavianao mikasika izany lohahevitra izany.

### Fampieritreretana

Inona no ataonao mba hahatonga anao ho tonga tahaka ilay voninkazo tao amin'ny tantara, ka hofenoinao an'i Jesôsy ny fiainanao?





## IZA NO NIPI-MASO ANAO?

Rehefa nirava avy nianatra i Simon, ilay naman'i Luc vaovao, dia te hilalao « jeux video ». I Luc anefa tsy te hiera handeha ho any amin'i Simon satria efa hainy sahady ny valinteny mety ho azony avy amin'i Dada sy i Neny.

« Neny ô, afaka mankany amin-dry Simon ve aho? » Hoy i Luc mailaka erỳ nanontany sady nametraka ny kitapony teo amin'ny tany izy. Rehefa niangavian'i Simon hiaraka hilalao « jeux video » miaraka aminy i Luc dia sanganehana ihany izy ny hamaly azy fa tsy avelan'i Dada sy i Neny milalao an'ireny.

« Ao an-tranony ve ny Ray aman-dreniny? » hoy i Neny nanontany. « Dia inona no ataonareo any? » Fanontaniana anakiroa izay tena nahian'i Luc indrindra.

« Tsy haiko raha ao ny Ray aman-dreniny na tsia » namaly tsotra i Luc. « Fantatro fotsiny fa tian'i Simon mba ho any aho dia hiaraka hanao « jeux video » izahay. »

Iray volana mahery kely lasa mantsy izay no namonjen'i Simon voalohany ny kilasin-dry zareo, ary nasain'i Luc niaraka nisakafo taminy izy tamin'izay. Toa nahafinaritra ny fahitany an'i Simon, kanefa nisy zavatra noteneniny izay tsy nampandry saina an'i Luc.

« Faly aho fa miezaka ny hahatonga an'i Simon ho isan'ny ao amin'ny kilasinao ianao, » hoy i Neny. « Zava-dehibe tokoa ny fanehoana hatsaram-panahy amin'olona rehetra. Kanefa fantatrao tsara ihany koa fa tsy maintsy jerenay sy i Dada aloha hoe inona no holalaovinao, izay vao mahazo milalao ianao na tsia. »

Fahanginana no nameno ny trano, raha mbola niandry an'i Luc hamaly i Neny. «Vaovao i Simon dia tsy mba manana namana firy izy. Te hanandrana hanakaiky azy bebe kokoa aho. Fa izy anefa nilaza zavatra nahatonga ahy tsy handry saina mihitsy. » hoy i Luc.

« Rehefa mahatsiaro ho tsy mahazo aina ianao noho ny zavatra fantatrao fa ratsy, dia ny Fanahy Masina no mitaona anao, » hoy i Neny. « Tadidinao ve ny niresahantsika hoe mangataka amin'i Jesôsy isan'andro mba hitantana ny fianantsika? »

« Eny Neny a, ary mivavaka ho an'izany aho isaky ny maraina. » hoy i Luc namaly.

« Mamaly ny vavaka ataonao i Jesôsy amin'ny alalany fandefasany ny Fanahy Masina aminao. » hoy i Neny. « Ny andraikitry ny Fanahy Masina dia ny manampy antsika handinika hoe mety ve sa tsia ny zavatra ataontsika. Nangataka ianao mba ho ao amin'ny fiainanao i Jesôsy, » Hoy i Neny nanohy. « Ny Fanahy Masina dia manampy anao hisafidy tsara. Ary raha avelanao hiasa eo amin'ny fiainanao Izy, dia ho hitan'olona rehetra izany. » Niato kely i Neny, ary nanontany an'i Luc, « Inona àry no ataonao? »

« Angamba hiantso an'i Simon aho izao raha afaka mankaty izy izao, » hoy i Luc. « Sady mila fanampiana koa aho amin'ny fanorenana ny mandako (kilalao). »

### Teny ao amin'ny Baiboly

« Fa *izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra.* » - Rômanina 8:14

### Asa atao

Fonosy bodofotsy ny tenanao dia alaivo sary an-tsaina hoe io bodofotsy io dia ny Fanahy Masina izay mamono anao. Inona no tsapanao?

### Fampieritreretana

Raha tsy afaka mahita ny Fanahy Masina isika, ahoana kosa no ahatsapantsika fa miaraka amintsika Izy?





## FENO HAFALIANA NY FOKO

Nojeren'i Luc tsara ilay harona nipetraka teo akaikin'ny varavarana. Feno hafaliana izy satria hahita ny raibeny sy renibeny afaka fotoana fohy.

Teny an-dalana dia nieritreritra fatratra momba ny raibeny sy ny renibeny i Luc. I Dadabe dia mitantara tantara mahafinaritra ho azy ireo foana, ary i Bebe kosa dia manao sakafo matsiro. Feno hafanam-po izy teo am-pieritreretana azy ireo, ary resin-tory teo.

"E! O ry be torimaso a!." Nihiratra i Luc.

"Hatory ve ianao mandritra ity fitsidihana ity?" hoy ihany ilay feo nanontany.

"Dadabe!" hoy i Luc nihiaka mafy sady feno hafaliana. "Tena resin-tory aho nandritra ny dia."

Noraisin'i Luc ilay harony ary notazominy tamin'ny tanany ilany kosa ny tanan'i Dadabe. Niaraka nakany an-trano izy ireo. Namerovero teo amin'ny oron'i Luc ny fofo-manitry ny mofo raha vao niditra ny varavarana izy.

Teo am-pisakafoana hariva dia samy nizara sy nitantara ny fiainany ny tsirairay. Rehefa vita ny sakafo dia tonga ny fotoanan'ny fotoam-pivavahana.

Nivavaka i Dadabe ho fanombohana ny zavatra rehetra, ary hoy izy avy eo: "Androany alina dia tiako isika rehetra hilaza izay zavatra hisaorantsika an'Andriamanitra, sy ny antony hanaovantsika izany."

"Andeha hatomboka amin'i Jake."

Rehefa tonga ny anjaran'i Luc tany amin'ny farany dia hoy izy: "Misaotra an'Andriamanitra aho fa manana fianakaviana faly mandrakariva. Ny namako sasany dia manana fianakaviana miady lava. Faly aho fa tsy mba toa izany ny fianakaviako."

Rehefa nitodika tany amin'I Dadabe i Luc dia hitany fa nanganohano ny masony.

"Tena manohina be ny foko izany zavatra lazainao izany" hoy i Dadabe. "Nisy fotoana izay tena naharatsy fanahy ahy."

Taitra be i Luc. Tsy marina izany lazain'i Dadabe izany. I Dadabe no olona tsara fanahy indrindra fantany.

Hoy i Bebe: "Tena marina izany ka! Taloha ela be i Dadabe dia tena ratsy fanahy mihitsy."

Nieritreritra izany fotoana taloha izany i Dadabe ary nahatsiaro zavatra iray. "Marina izany lazain'i Bebe izany. Tsy nanana fifehezana ny fihetseham-poko sy ny fihetsiko aho tamin'izany. Tamin'ny tsy mbola nanekeko an'i Jesôsy tato am-poko no nitrangan'izany rehetra izany. Rehefa nifona teo anatrehany anefa aho, dia nangataka taminy mba hanamboatra ahy, ary hanova ny toetra ratsiko.

Isan'andro aho dia mivavaka tamin'i Jesôsy mba hahafahako mifehy ny fihetseham-poko. Nisy fotoana aho tena tezitra mafy, ka dia nangataka famelan-keloka tamin'i Jesôsy indray. Afaka mifehy ny hatezerako sy ny fihetseham-poko aho ankehitriny tamin'ny nanampian'i Jesôsy ahy."

"Tsy mampino!" hoy i Luc. "Nianatra ny vokatry ny fanahy izahay, toy ny fiadanana, ny hatsaran-toetra, ny fifaliana ary ny fifehezan-tena. Mihevitra aho fa manana ny vokatry ny fanahy ianao Dadabe a!"

Nandambolambo i Dadabe ary hoy izy: "Marina mihitsy izany voalazanao izany ry Luc a! Rehefa mandray an'i Jesôsy sy miaiky ny fahotantsika isika dia miova ny fiainantsika."

### Teny ao amin'ny Baiboly

*"Ary omeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo."*: Ezekiela 36:26

### Asa atao

Afangaroy ny vinaingitra 4 sotro fihinanana sy ny sira misy ioda 1 sotrokely. Asio vola madinika vitsivitsy ao anatin'ilay fangaro, ary avelao mandritra ny fotoana fohy. Rehefa afaka fotoana fohy dia esory ilay vola madinika ary hamaino. Inona no zavatra nitranga tamin'ilay vola madinika?

### Fanontaniana fampieritreretana

Inona eo amin'ny fiainanao no tianao hiova ka ilànao ny fanampian'i Jesôsy?





## INONA NO HOLAZAIKO ?

Avy ny orana ka natao tao an-trano ilay fotoana fiarahana saika hatao tany amin'ny 'parc'.

Tonga Ingahy Jones ka nitsangana teo anilan'i Luc. "Tena malahelo be aho fa tsy afaka mankany amin'ny 'parc' isika. Ny 'parc' anefa no toerana mahafinaritra hisakafoana sy ahitana olona afaka hizarana fanandramana."

"Mahita olona hizaràna fanandramana any amin'ny 'parc' ve ianao? Ahoana no fomba hanaovanao izany?" hoy i Luc nanontany.

"Misy fotoana aho mitady olona izay toa manana endrika malahelo. Itsikiko izy ireo ary Ilazako hoe maniry aho mba hananananareo tontolo andro mahafinaritra. Indraindray dia mitantara ny zavatra mampalahelo sy mampiasa saina azy izy ireo. Mihaino tsara aho ary manontany raha afaka mivavaka ho azy."

"Afaka manao toy izany ihany koa ianao rehefa any am-pianarana. Mino aho fa misy mpianatra sasany izay mandalo fotoana sarotra sy ady mafy." Hoy Ingahy Jones nanampy.

"Tena efa nahita mihitsy aho fa tsy hitako izay holazaina azy ireo" hoy i Luc. "Te hizara momba an'i Jesôsy amin'ireo namako any am-pianarana aho, kanefa dia mifangaro ato am-bavako ny teny. Tena mahamenatra mihitsy."

"Manana ny zavatra ilainao aho, ary afaka tanterahinao tsara izany" hoy Ingahy Jones.

Namoaka boky kely avy ao am-paosiny izy, ary nomeny an'i Luc izany. Maitso ny fonon'ilay boky, ary nisy pejy tsy voasoratra miloko mainty sy mena sy fotsy ary mavo tao anatiny.

"Ahoana no fomba hanampian'ny boky izay tsy misy soratra ahy amin'ny zavatra izay holazaiko?" hoy i Luc nanontany.

"Ilay loko no hanampy anao" hoy Ingahy Jones. "Ny loko mainty dia mampahatsiahy fa isika dia mpanota izay manao zavatra tsy mety. Toy izany ny fiainantsika rehefa feno fahotana."

Navadik'Ingahy Jones teo amin'ny mena indray ny pejin'ilay boky, ary hoy izy: "Ny mena dia maneho fa maty ho antsika i Jesôsy, ary ny Rany dia nalatsany teo amin'ny hazo fijaliana ho antsika."

Ny pejy manaraka dia fotsy. "Midika izany fa voadio ny fahotantsika" hoy i Luc sady nibitabitaka.

"Ity no tena tsara indrindra. Ny mavo dia maneho fa afaka mandeha sy miaina mandrakizay miaraka amin'i Jesôsy isika. Ary inona àry ny dikan'ilay fonony maitso raha hainao?" hoy Ingahy Jones.

"Ny maitso dia midika fitomboan-javatra foana" hoy i Luc namaly.

"Marina mihitsy izany" hoy Ingahy Jones. "Rehefa mandray an'i Jesôsy isika dia mitombo ao amin'ny fiainam-baovao. Ataontsika izany amin'ny alalan'ny famakiana ny Baiboly isan'andro, ny fizaràna an'i Jesôsy amin'ny hafa ary ny fizaràna fanandramana amin'ny mpino hafa."

"Misy taratasy miloko hafa ato amiko. Tianao ve ny hanao fanandramana hiaraka amiko rehefa avy misakafo?"

"Tena tiako izany" hoy i Luc. "Tsy andriko ny hanehoana izany amin'ireo namako any am-pianarana."

### Teny ao amin'ny Baiboly

"*Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.*" -

### Asa atao

Manaova boky hanaovanao fanandramana manokana ho anao. Afaka mampiasa taratasy miloko ianao na lamba.

Zavatra ilaina: Mainty: (21/2" x 3" efamira) Fotsy: (21/2" x 3" efamira) Maitso : (5" x 3" efajoro) Mena: (21/2" x 3" efamira) Mavo : (21/2" x 3" efamira)

1- Apetraho manaraka ireto laharana ireto ireo "efamira": mainty, mena, fotsy ary mavo.

2- Fonosy amin'ny taratasy maitso na lamba ireo taratasy miloko ireo, ary akambano ho lasa toy ny boky kely.

3- Raha mampiasa taratasy "efamira" ianao dia akambano amin'ny "agrafe" ny sisin'ilay manaraka ny lamosiny. Raha hampiasa lamba kosa na "feutre" ianao dia zairo ny sisin'ilay faritra maitso. Zairo tanteraka hatramin'ilay taratasy miloko ao anatiny. Ilay zaitra dia tokony hanarona tsara sy hampikatona an'ilay boky.

### Fampieritreretana

Ahoana ny fomba hanoheranao ny tahotrao amin'ny hafa mba hizarànao ny teny fampaherezana sy ny fijoroana ho vavolombelona ao amin'ny bokinao?





## ILAY FIVORIAM-PIANAKAVIANA TSARA INDRINDRA.

"Faly loatra aho ka tsy tafatombina mihitsy" hoy i Tess teo am-pamafana trano. "Ho avy i Dadatoa Jack sy i Nenitoa Mary. Hahita an'i Beth ihany aho nony farany!".

Tsy tafatombina ihany koa i Luc fa faly loatra. "Afaka hilalao baolina miaraka amin'i Billy sy i Sam amin'izay aho. Hahafinaritra be izany."

Nandeha ny minitra teo am-piandrasan'izy ireo ny Dadatoany sy ny Nenitoany ary ny zanak'izy ireo; kanefa toa tsy mihodina mihitsy ny ora fa mijanona.

Nony farany dia tonga ihany izy ireo.

Tonga dia nosokafan'i Tess ny varavarana raha tsy mbola nandondòna akory i Dadatoa Jack.

"Tena ohatra ny tsy ho avy mihitsy ianareo" hoy izy.

Nipetraka ny rehetra ary nandroso ranom-boasarimakirana mangatsiaka i Neny.

Nanontany ny rehetra izy raha mbola misy te hanampy.

"Izaho mbola hanampy azafady. Tena ela iny dia androany iny, sady tsara ihany koa ity ranomamy mangatsiaka ity" hoy i Dadatoa Jack. "Ny fivoriam-pianakaviana dia manova ny tontolo andro ho andro mahafinaritra."

"Tena tiako raha mijanona eto mandrakizay ianareo" hoy i Luc.

"Tena tsara tokoa izany" hoy i Nenitoa Mary.

Nieritreritra kely i Luc ary nilaza hoe: "Indray andro any isika dia hanana fivoriam-pianakaviana izay tsy ho tapitra mandrakizay."

"Marina tokoa izany" hoy i Dada. "Tsy andriko erỳ!". Dia nanaiky avokoa ny rehetra.

"Tokony ho hitanareo i Luc sy i Tess talohan'ny nahatongavanareo." hoy i Neny. "Isaky ny mihetsika dia mihazakazaka izy ireo mijery eo am-baravarankely mitazana raha efa tonga ianareo na tsia. Tena mampahatsiahy antsika izany fa tokony hiomana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy mandrakariva isika."

"Tsy ho afaka ny hiomana isika androany satria i Neny dia nahandro foana nandritra ny herinandro. Hoy izy hoe tokony ho vonona tsara izy alohan'ny hahatongavanareo." hoy i Tess.

"Mampahatsiahy ny tenin'ny Baiboly izay novakiko tamin'ity herinandro ity izany" hoy i Dadatoa Jack. "Hoy ny 1 Kôrintianina 16:13: *'Miambena hianareo, tomoera tsara amin'ny finoana, aoka hitombandahy, mahereza.'*"

Nandritra ny andro vitsivitsy dia niara-nilalao ny ankizy, niara-nikaroka sy nivavaka ary niara-nianatra ny Baiboly. Nihira niaraka tamin'ny pianô ny fianakaviana. Amin'ny maha-andro manokana azy dia nandeha nitsangantsangana teny amoron-drano izy rehetra ary nilomano.

Vetivety foana dia vita ny fivoriam-pianakaviana. Rehefa nidina ny fiara dia latsaka ny ranomason'i Tess. "Tena niara-nifaly isika teo; tena tiako raha tsy mandeha ianareo."

Namihina azy i Dadatoa Jack sady niteny hoe "Tena mampalahelo, kanefa mbola hihaona indray isika. Raha sanatria ka tsy hihaona intsony anefa dia mijoroa hatrany. Tokony ho vonona mandrakariva hitsena an'i Jesôsy isika. Amin'izay dia hanomboka ilay fivoriam-pianakaviana lehibe sy tsara indrindra mandrakizay miaraka amin'i Jesôsy isika."

### Teny ao amin'ny Baiboly

*"Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo."* - 1 Petera 5:4

### Asa atao

Manaova sarin'ny olona rehetra ao amin'ny fianakavianao izay tianao ho hita amin'ny fivoriam-pianankaviana. Moa fantatr'ireo olona rehetra ireo ve ny momba an'i Jesôsy sy ny fiaviany? Raha tsia ny valinteninao, dia ataovy izay hanasanao ireo olona ireo amin'ny fety.

### Fanontaniana fampieritreretana

Efa nisy ve fotoana nahatsapanao fa toa tsy ho avy mihitsy i Jesôsy handray antsika ho any aminy?

Inona no mety hataonao hahatonga anao tsy hahandry ny fiaviany?